TETIKASAN'NY FILOHAMPIRENENA HONO

Fianakaviana 300 mahery tadiavina hoesorina amin'ny taniny any Fort-Dauphin

Tetikasan'ny filohampirenena hono, fianakaviana miisa 300 mahery tadiavina esorina amin'ny taniny any Fort-Dauphin faritra Anôsy. Ity Projet présidentiel na tetikasan'ny filohampirenena ity dia kasaina hatao any Libanona, ka fianakaviana 300 mahery no mety hesorina amin'ny toeram-ponenany. Araka ny vaovao voaray, hoesorina tsy misy fepetra izy ireo ary tsy misy hoe halefa aiza fa samy mitady izay handehanany ireo mponina ireo. Eo no ipetrahan'ny olana, satria tsy manaiky izao amboletra atao amin'izy ireo izao ireto olona ireto. Voalaza fa hametrahana fibre optique no niatombohan'ny tetikasa dia izao lasa projet présidentiel na tetikasan'ny filohampirenena izao no niafarany. Mampiaka-peo ny any an-toerana noho izany, fa angaha lasa mpiara-miombon'antoka amin'ny Karana hoy izy ireo ny fiadidiana ny Repoblika? Tantara hitohy!

Stefa

Sora-baventy ataon'ireo mponina any Libanona, tsy manaiky ny hanesorana azy ireo amin'ny taniny.

Basket-ball"

Mahomby rehefa tsy itsabahan-dRajoelina

Tafakatra tamin'ny lalao famaranana ny mpilalao basikety malagasy lehilahy, teo amin'ny fiadiana ny amboaran'i Afrika amin'ny sokafy latsaky ny 18 taona, ary mbola ny mpilalao malagasy M'Madi no mpilalao mendrika indrindra nandritra ny fifaninanana.

Mendri-piderana ny mpilalao sy ny federasiôna tamin'izao fahombiazana izao, satria tsy tongatonga ho azy izany, fa tsy maintsy nisy ny ezaka natao matoa nahavita dingana , etsy andaniny koa dia efa fay angamba ny fitondrana sy ny filoha Rajoelina, ka tsy nitsabaka intsony tamin'ny fikarakarana, dia afaka niasa malalaka ny teknisiana, kanefa azo eritreretina koa ny hoe tsy naharototra an'Ingahy filoha ny basikety , satria tsy noheveriny hoe handresy, fa manomboka izao dia azo antoka fa hidirana 200 isan-jato indray io taranja io dia azon'ny rehetra antsaina ny vokatra ho avy eo fa hifotetaka amin'ny tany indray.

Tafakatra ihany koa hiatrika ny fiadiana ny tompondaka erantany ho an' ny latsaky ny 19 taona koa ireto mpilalao ireto, satria solontena roa no anjaran'ny kaontinanta afrikana, dia isika sy Egypta izay nanao ny lalao famaranana, no tafita amin'izany dingana goavana izany.

Voninahi-pirenena no arovan'ireo mpilalao malagasy amin'izany fihaonana faran'izay goavana izany, ka mila ny fanampiana avy amin'ny rehetra ireo mpilalao, na eo amin'ny hoenti-manana na eo amin'ny fankaherezana ara-tsaina, ary ny tsy kely indrindra dia ny fitondrana azy ireo ambavaka, ka mikasika ilay fanampiana dia manana adidy voalohany amin'izany ny fitondrana, ka ny andrandraina dia fanampiana atao amin'ny fo feno fitiavantanindrazana no tokony hatolotry ny fitondrana, fa tsy sanatria hatao fitaovana politika indray ireo mpilalao , sady ny ho lany amin'izany koa anie dia vola avy amin'ny vahoaka fa tsy vola avy any antsikinan'ny mpitondra e !

Isika eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia miarahaba sy mankahery ireo mpilalao ary mirary an'izy ireo ho tonga amin'ny dingana avo, ary amim-panetrentena no iangaviantsika ireo mpitondra, indrindra f'Ingahy Filoha Rajoelina, tsy hisovaly ny dingana vita sao sanatria ho tonga amin'ny toerana misy ny ''Barea'' indray ireto Ankoay lahy ireto.

Ny Valosoa

Ny Ankoay an'i Madagasikara sokajy zazalahy.

Ambohipo Boriboritany faha-2

Trano nirehitra vokatry ny fipoahana gaz

Ny toerana nisy ilay trano may teny Ambohipo.

Taitra vao maraina ny teny Ambohipo Boriboritany faha-2 eto Antananarivo Renivohitra ny alahady teo, nisy fipoahana mahery vaika teny an-toerana tamin'io fotoana io, nisy trano nirehitra noho ny fipoahana entona fandrehitra na gaz. Araka ny fanadihadiana sy ny nambaran'ny mponina manodidina, gaz tsy nihidy tsara no nahatonga ny fipoahana. Samy nisomebiseby namonjy ilay trano may ny mponina manodidina mba tsy hiitaran'ny afo, izay nahiana ho niitatra noho ny fahamaizana be.

Niaina

Amoron-dranomasina Toamasina

Toeram-pivarotana miisa 7 may kilan'ny afo

Nisehoana haintrano ny faran'ny herinandro teo, teny amoron-dranomasin'i Toamasina any amin'ny faritra Atsinanana. Toeram-pivarotana miisa 7 no kilan'ny afo ny alahady tolakandro teo, teny amin'ny "stands" manoloana ny Auximad amoron-dranomasina. 4 minitra taorian'ny antso dia tonga teny an-toerana ny sampana mpamonjy voina ao amin'ny Kaominina ambonivohitra Toamasina. Tombanana ho fifampikasohana rianaratra (cours circuit), no nahatonga ny fahamaizana, haingana be ny fiparitahan'ny afo noho ny fisian'ny fitaovana fampangatsiahana nampiasain'ireo mpivarotra sy ny fitsokan'ny rivotra mafy dia mafy teny an-toerana, ka nampitatra izany fahamaizana izany, ireo trano koa dia vita amin'ny hazo sy falafa ka nampihanaka ny afo. Voalaza fa nisy fahatarana ihany koa ny fampandrenesana ireo sampana mpamonjy voina, ny laharana mety ahazoana ny mpamonjy voina ao Toamasina dia ny 0346806205.

Stefa

Ireo trano may kilan'ny afo tany Toamasina.

Nampihorohoro an'Alaotra Mangoro

Lavon'ny balan'ny zandary i Bevolomaso mpaka an-keriny gaigilahy

Lavon'ny balan'ny zandary i Bevolomaso mpaka an-keriny gaigilahy, nampihorohoro ny faritra Alaotra Mangoro iny. Tao arian'ireny fakana an-keriny nisesisesy tao amin'ny Faritra Alaotra Mangoro ireny, indrindra ny tao amin'ny Distrikan'i Moramanga tapany avaratra iny dia nataon'ireo ekipa manokana miady amin'ny fakana an-keriny ao amin'ny Groupement de la Gendarmerie Alaotra Mangoro hazalambo ireo Jiolahy raindahiny amin'ny fakana an-keriny, izay voaporofo anisan'ny fantatra amin'izany fakana an-keriny izany ny Jiolahy atsoina hoe Dimby kely na Bevolomaso, izay nandray anjara mivantana tamin'ny fakana an-keriny tao amin'ny fokontany Antanifotsy Kaominina Analasoa sy Fokontany Antseva Kaominina Mandialaza Distrikan'i Moramanga. Napetraky ny mpitandro filaminana ny velam-pandrika maty paika afahana manenjika an' i Dimby kely, ka ny alahady teo, tokony tamin'ny 06 Ora hariva tany ho any dia nifanehatra tamin'ny Zandary manokana miady amin'ny fakana an-keriny tarihan'ny Kapiteny Razafimamonjy Jean Richard Commandant Compagnie Moramanga i Dimby kely, izay teo amin'ny kihon-dalana ho any Moratelo Kaominina Ambanivohitr' Andaingo. Vao nahita ireo Zandary ity Jiolahy ity dia avy hatrany dia nitifitra, tsy nanaiky ho lembenana ihany koa ireto Zandary ireto, ka avy hatrany dia namaly ny tifitra nataon'ity Jiolahy raindahany ity, ka raikitra ny fifampitifirina. Lavon'ny Zandary izay tarihan'ny Kapiteny Razafimamonjy Jean Richard i Dimby kely, mbola niaraka taminy ny basy PA sy moara. Manentana hatrany ny Commandant Compagnie Moramanga, ny mba hifanomezana vaovao hamongorana ny mpanao ratsy ary mampitandrina an'ireo olona mpiray petsapetsa amin'izy ireo koa.

Niaina

Ilay jiolahy maty voatifitry ny zandary.